# Izay mampitony fahoriana iray amin'ny olona mpino, amin'ny fiainana eto an-tany, Allah dia hampitony azy amin'ny fahorian'ny andro farany

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : Izay mampitony fahoriana iray amin'ny olona mpino, amin'ny fiainana eto an-tany, Allah dia hampitony azy amin'ny fahorian'ny andro farany. Izay manamora raharaha amin'ny olona sahirana, dia hamorain' I Allah ny raharahany eto an-tany sy any ankoatra. Izay manafina ny henatry ny mpino silamo iray, dia hafenin' I Allah ny henatrany, eto an-tany sy any ankoatra. Allah dia manampy hatrany ny mpanompo raha manampy ny rahalahiny izy. Izay mizotra amin'ny làlan'ny fianarana mba hikatsaka fahalalana dia hamorain'i I Allah ho azy ny làlana mitondra any amin'ny Paradisa. Ary tsy misy andian'olona, mivorivory ao anatin'ny trano iray amin'ireo tranon' I Allah, mamaky ny Bokin' I Allah, ary mifampianatra izany eo amin'ny samy izy ireo, afa-tsy hoe midina amin'izy ireo ny fahatoniana, mandrakotra azy ireo ny indrafo, manodidina azy ireo ny Anjely, ary miresaka azy ireo Allah, amin'ireo (Anjely) any Aminy. Izay latsaka afara noho ny asany, dia tsy aroso aloha noho ny firazanany.
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny valisoa azon'ny mpino silamo eo anatrehan'I Allah dia mitovy amin'izay ataony amin'ny silamo namany. Ka izay manamaivana sy manamora ary manala amin’ny mpino ny fahasahiranana sy ny fijalina eto an-tany, dia hamaly soa azy Allah amin’ny fanamaivanana azy amin’ny fahorian’ny andro fitsanganana amin’ny maty. Izay manamora ny zavatra sarotra ho an’ny olona sy manamaivana azy ary manaisotra ny fahasahiranany, dia ho hamaivan’I Allah ho azy ny zavatra eto an-tany sy ny any ankoatra. Ary izay manafina kileman'ny mpino silamo toy ny mahafantatra ny diso sy ny fahotana izay tsy tokony haseho, dia hanafina ny kilemany eto an-tany sy any an-koatra ihany koa Allah. Mpanampy ho an’ny mpanompony Allah, raha mbola manohy manampy ny rahalahiny amin’ny tombontsoany ara-pivavahana sy ara-piainana ilay mpanompo, ary amin’ny alàlan’ny fitalahoana, ny fanampiana ara-batana, ny vola, sy ny zavatra hafa ny fanampiana. Ary izay mikasa ny hahazo fahalalana silamika, ka mikasa ny hanao izany ho an’I Allah Tsitoha; dia hankamorain'I Allah ny làlany mankany amin’ny Paradisa. Ary tsy misy andian'olona, mivorivory anatin'ny trano iray amin'ireo tranon'i Allah, mamaky ny Bokin'i Allah, ary mifampianatra izany eo amin'ny samy izy ireo, afa-tsy hoe midina amin'izy ireo ny fahatoniana, mandrakotra sy manodidina azy ireo ny indrafo, nodidinin'ireo Anjely, ary natokan'Allah izy ireo amin'ny toerana eo akaiky azy, ary ampy ho azy ireo ny voninahitry ny fahatsiarovan'I Allah azy ireo eo amin'ny toerana avo indrindra. Ary izay kely asa soa vitany,

ka tsy mitondra azy eo amin'ny laharan'ireo mpanao asa soa, dia tsy tokony hiantehitra amin'ny haja amam-pirazanana sy ny hasin'ny ray izy ka ho lavo amin'ny asa.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4801